“Faty antoka ho an'ny olona iray izay nilazana momba ahy teo anatrehany nefa tsy nivavaka ho ahy izy, ary faty antoka ho an'ny olona iray izay nahatra Ramadany ary niala ny Ramadany talohan’ny nahazoany famelan-keloka, ary faty antoka ho an'ny olona nahatratra ny ray aman-dreniny tamin'ny fahanterany ka tsy nampiditra azy any amin’ny Paradisa.”

Tatitra azo avy amin'i Abo Horaira (R.A), Niteny ny Mpaminany (Ş.A.W) manao hoe : “Faty antoka ho an'ny olona iray izay nilazana momba ahy teo anatrehany nefa tsy nivavaka ho ahy izy, ary faty antoka ho an'ny olona iray izay nahatra Ramadany ary niala ny Ramadany talohan’ny nahazoany famelan-keloka, ary faty antoka ho an'ny olona nahatratra ny ray aman-dreniny tamin'ny fahanterany ka tsy nampiditra azy any amin’ny Paradisa.”

[Mari-pototra] [Notantarain'i Al-Tirmizì sy Ahmad]

Nanozona vondron'ny olona telo ny Mpaminany (S.A.W) mba hanindrona ny orony amin'ny fotaka noho ny fahafaham-baraka sy fahakivina ary ny faty antoka : Ny sokajy voalohany : Izy nanononana anaran’ny Mpaminany (S.A.W) saingy tsy nivavaka ho azy tamin’ny filazana hoe : Allah anie hitahy azy sy hanome azy fiadanana, na zavatra mitovy amin’izany. Ny faharoa : Izay nahatratra ny volana Ramadany ary avy eo dia lasa ny volana nefa tsy voavela ny helony noho ny tsirambina nataony tamin’ny fankatoavana. Fahatelo : Olona iray izay nahatratra ny fahanteran'ny ray aman-dreniny, nefa tsy izany no antony nidirany tamin'ny paradisa noho ny tsy fankatoavany sy ny tsy firaharahiany ny zony.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/6014